BORIBORINTANY FAHA-EFATRA

4




X


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 18 mey 2019 — Laharana 911 — Vidiny : **400 Ar**

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Jehovah, Madagasikara Hafatra manokana lah.40, 14 mey 2019** 5

**Puce elektronikan'omby** 2

# Ho faly hatramin'ny dahalo



**Fitondrana Rajoelina** 3

# Mpandrebireby vahoaka



**FETRA SY NAINA BORIBORINTANY FAHA 5** 2

## Tsy manao ambanin-javatra ny fahasalaman'ny mponina



**Boriboritany faha-6 (CUA)** 7

## Fokontany 4 nahazo lalankely avy tamin'ny vato teny amin'ny sisin-dalana

**Ambasadin'i Japon** 6

## Hanatanteraka fifaninanana kabary amin'ny fiteny japone

**Daka kely**

Mbola revin-gadra ihany ilay «puce»-n'ialahy ry Boaikely a !

**Rija Ramanantoanina** 2

## Hamarana ny fankalazana ny faha-30 taona niakarany an-tsehatra



KANDIDÀ RAMBO TIM.K25 N°4 BORIBORITANY FAHA-4

# Nitondra valin-dahatsoratra ny fanakianana tsy mitombina nataon'ny gazety Free News

***NISY NY FANAKIANANA BE FAHATANY TSY MITOMBINA, NATAON'NY GAZETY FREE NEWS, NY KANDIDÀ LAHARANA FAHA-4 AVY AMIN'NY TIM.K25 AO AMIN'NY BORIBORITANY FAHA-4. VOALAZAN'NY VALIN-DAHATSORATRA FA TOKONY HANAMARINANA TSAR ANY VAOVAO HAVOAKANY ITY GAZETIN'NY MINISTRA LALATIANA RAKOTONDRAZAFY ITY:***

Droit de réponse

**Diffamation et assassinat politique du candidat TIM du IVe arrondissement par le journal Freenews**

Vérifier et contre vérifier les informations. Donner la parole à la personne ou l'entité mise en cause. Ce sont les règles d'or du métier de journaliste et qui en fait une profession sacrée, différente de ce que font les simples usagers des réseaux sociaux. D'ailleurs, madame le ministre de la Communication et de la culture (MCC), Lalatiana Rakotondrazafy Andriatongarivo, fondatrice du journal Free news a toujours fait du professionnalisme dans l'exercice des fonctions du journaliste son leitmotiv bien avant qu'elle occupe ses fonctions actuelles et encore plus aujourd'hui ou elle doit montrer et inspirer l'exemple en tant que ministre de tutelle de tous les journalistes.

Et pourtant, dans sa livraison d'hier dans un article intitulé « Quatrième arrondissement/ Le candidat TIM corrompt les employés de la CUA » situé à la page 2 et mentionné comme titre principal de sa page une, il est évident que le journal Free news n'a respecté aucune de ces règles. Aucun recoupement n'a été fait, ni auprès de l'intéressé ni auprès de son entourage et à aucun moment, monsieur Ramboasalama Emilien qui est la personne injustement accusé dans l'article n'a reçu une demande de réaction ou d'explication de la part d'un journaliste de Free news pour se défendre.

Si cette démarche a été respectée par le journaliste, et qui nous le soulignons a été possible étant donné que le candidat incriminé et son staff de campagne sont ouverts à tous les journalistes, il aurait pu savoir qu'une réunion avait effectivement eu lieu dans les locaux du IV arrondissement le mardi 15 mai à 16h30. Mais :

- D'abord, l'objet de cette réunion a été en fait une passation de service entre Monsieur Randriamamonjy Lantoniaina, anciennement 2e adjoint au sein de cet arrondissement et qui vient d'être désigné comme 1er adjoint au 1er arrondissement et Monsieur Razafindrakoto Andry qui va désormais occuper le poste de 2e adjoint au sein de cet arrondissement.

- Il s'agit donc d'une cérémonie officielle et non d'une propagande électorale. A aucun moment, il n'a jamais été question de convaincre les personnes présentes à voter pour un candidat et encore moins de les promettre une quelconque contrepartie en échange de leurs votes comme cet article l'affirme clairement sans avancer aucune preuve.

- Et pour démontrer que l'information du journaliste ne se fonde sur aucun fait, le candidat Ramboasalama Emilien n'a pas été présent à la réunion. Au même moment, il tenait un meeting du côté de « Paraky » à Soanierana dans le cadre de sa campagne électorale. Il ne peut donc pas être à l'origine de la convocation de cette réunion et encore moins la présider comme le mentionne le journal.

- Etant donné qu'il s'agit d'une cérémonie officielle, tous les invités présents à cette réunion étaient des responsables au sein de la commune dont des conseillers municipaux, des délégués d'arrondissement, des chefs de service et des chefs de division. Au total, une dizaine de personnes ont été présentes. Il ne peut donc s'agir aucunement du personnel au sein de la mairie du quatrième arrondissement comme le mentionne l'article. Pour étayer cette explication, une photo de la cérémonie est jointe au présent droit de réponse.

- Le seul sujet touchant les élections, évoqué à cette réunion consiste à un rappel de l'instruction envers tous ceux qui veulent participer aux différentes campagnes de prendre un congé, quel que soit le candidat qu'il soutient, qu'il soit issu du parti politique TIM ou pas. Ce n'est, ni une promesse ni une faveur. Juste une obligation de respect de la neutralité de l'Administration.

Par rapport à tout cela, nous estimons donc qu'il s'agit purement et simplement d'une diffamation par voie de presse visant à discréditer le candidat auprès des électeurs et même à compromettre ses chances d'être élu député. Le préjudice est donc grave pour monsieur Ramboasalama Emilien. Et comme la diffamation est un acte passible de sanction selon les dispositions prévues par le code la communication médiatisée, nous nous réservons le droit de porter l'affaire devant les autorités judiciaires compétentes. Par ailleurs, le code de la communication médiatisée nous confère également le droit d'avoir un droit de réponse qui doit être publié à la même page et ayant la même importance que l'article ayant fait l'objet du droit de réponse. Aussi, nous vous seront gré de faire le nécessaire.

***La cellule de Communication***
***Candidat RAMBOASALAMA EMILIEN***

Fetra sy Naina TIM.K25 Boriborintany faha 5

# Tsy manao ambanin-javatra ny fahasalaman'ny mponina

Atao zava-dehibe ny Manifesto programan'asan' ny filoha Marc Ravalomanana raha ho an'ny kandida TIM.K25 manerana an'i Madagasikara. Raha ho an'ny kandida Fetra Ralambozafimbololona sy Naina Willy Jocelyn, kandidan'ny TIM. K25 Boriboritany faha 5, laharana faha 4 manokana dia laharam-pahamehana ho azy ireo ny fijerena ny lafiny fahasalamana araka ny voalazan'ny Manifesto. Efa notetezina ny fokontany maro ao amin'ny Boriboritany faha-5 indrindra ireo faritra sahirana, nanaovana fitsaboana sy fanomezana fanafody maimaimpoana nataon' ny kandida Fetra sy Naina. Nitohy ny alakamisy teo izany tao amin'ny fokontany Analamahitsy, ka mponina miisa 200 mahery no nisitraka io hetsika io. Miavaka ny kandida N°4 ao amin'ny Boriboritany faha-5 Fetra sy Naina, fa fijerena ny lafiny sosialin'ny mponina no nataony ho zavadehibe. Nalaviriny ny fizaràna vola sy zavatra tsy mahavita taona, nanome toky ny mponina izy ireo fa rehefa tonga eo amin'ny toerana maha solombavambahoaka dia hiady ny tombontsoa ho an'ny vahoaka, indrindra amin'izao fahasahiranana mahazo izao, fa tsy ny tombontsoan'ny tenany manokana no jereny, izany fijerena ny vahoaka izany dia araka ny toromarika avy amin' ny filoha mpanorina ny antoko TIM Marc Ravalomanana.

***Helisoa***

BATAC Arivonimamo

# Natao ho vakoka ilay fiaramanidina DC3 an'ny tafika

Natao ho vakoka ilay fiaramanidian DC3 an'ny tafika Malagasy. Fanomezana natolotry ny Amerikana ho an'ny Tafika an'habakabaka tamin'ny volana Aogositra 1988 ity fiaramanidina DC3 ity. Nitondra ireo olo-manankaja sady nanampy betsaka tamin'ny fahatomombanan'ny andraikitra napetraka teo amin'ny mpitandro ny filaminana hampandriana fahalemana ny asany tamin'izany. Ao amin'ny « Base Aérienne Tactique » (Batac) Arivonimamo ilay fiaramanidina DC3 amin'izao, ary natao ho "Vakoka" tamin'ny 10 mey 2019 lasa teo. Ny 21 janoary 1989 ny sidina voalohany nataony, ary tamin'ny 29 jona 1996 ny sidina farany nataon'ity DC3 ity, izay nanampy be tokoa ny Tafika Malagasy tamin'izany fotoana niasany, nentina nitety ny firenena manontolo.



*Ilay fiaramanidina DC3 lasa vakoka.*

***Ny Valosoa***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Puce elektronikan'omby, faly hatramin'ny dahalo

Natao nahoraka sy nitehafana ny fanolorana Puce Electronique ho an 'ny omby tany Tsiroanimandidy ary dia faly avokoa ny mponina hatramin'ny dahalo. Ny antony dia tsy mahavaha ny olan'ny halatr'omby velively izany Puce Eléctronique izany, satria hangalatra foana ny dahalo ary vonoiny ilay omby halatra dia very anjavony ny Puces. Miakatra avy hatrany any anaty sambo; misy Usine mpanodina ny henan'omby mantsy eny an-dranomasina eny ny omby halatra ary dia tsy hita anjavonany avy eo. Izay no zava-misy eto amintsika. Maro ireo tompon'andraikitra eo anivon'ny fitondrana no miara-miombon'antoka amin'izany, ka miara-mihinana ao anatin'io fitadiavana maloto io. Mipetraka ny fanontaniana amin'ny mpanara-baovao : tena izay ve no vahaolana maika hanafoanana ny dahalo ? Raha tena fotorana dia resaka fitadiavana ahazoana vola avy any ivelany no ao ambadik'ity resaka Puce Eléctronique ity. Nahoana no tsy izay ahazoan'ny olona Kara-panondrom-pirenena sy Copie nahaterahana no atao fa ny omby no mahamaika ? Vahaolana mahomby indrindra ny fanapariahana ny mpitandro ny filaminana (Miaramila) any amin'ny faritra rehetra any. Isika Malagasy rahateo tsy misy mpanafika tahaka ny any amin'ny tany Arabo, tsy manana fahavalo, koa heverina fa tsy misy ny maharatsy izany fanapariahana mpitandro ny filaminana izany raha atao hiaro ny vahoaka sy ny fanany marina, fa tsy natao hiaro ny mpitondra fotsiny. Ny resaka fananantany tsy resahana intsony, fa ireo vahiny mpanam-bola indray no maka ny tanindrazan'ny Malagasy. Tsy misy miteny na iray aza fa dia ny Puce ny Omby no mahamaika.

***Rajaonarimpanontsana***

Ady amin'ny halatr'omby

# Tsy vahaolana ny "puce électronique"

Maro tamin'ireo tantsaha eny ambanivohitra no zendana, amin'ny fametrahan'ny fanjakana praograma, hametraka Puce électronique ny ombin'ireo tantsaha. Fa hitondra inona tokoa ho an'ireo tantsaha ny fametrahana izany amin'ny ombin'izy ireo ? Tsy ny fametrahana ny tena fandriampahalemana ve no vaha-olana fa atao inona indray ny Puce? ny fanaovana ny karatr'omby fantatra amin'ny hoe FIB, na fiche individuele de bovidés ary efa tsy vita, ka puce atao inona, moa ve tsy fantatra foana ny lalan'ireo omby angalarin'ny dahalo sy ny toerana ametrahana ary famotsiana sy fanondranana izany. Hahazo vahana indray ireo mpitsabo biby tsy miankina hivarotra sy hanery ireo tantsaha amin'ny vidiny tsy toko tsy forohana, tahaka ny FIB ivarotana ireny omby ireny eny amin'ny tsena, vidiana 200 ariary ao amin'ny tranom-printy nasionaly nefa dia amidy dimy alina ariary fara-fahakeliny any Melaky sy Menabe ary Bongolava iny. Hanery ireo tantsaha ve ny fanjakana ny tsy maintsy hividianan'ny Tantsaha izany? F a ny mahatsikaiky dia ireto mpanao bizina omby mivondrona ao amin'ny fikambanana iray ao Tsiroanomandidy ao, iza tokoa moa amin'ireo tantsaha avy any ambanivohitra indrindra ny any amin'ny amin'ny faritra no tsy nikaikaika noho ny fandavan'ny sasany amin'ireo mpikambana ireo ny volany (vidin'omby), sy ny raharaha famotsiana omby maloto amin'ny fisian'ny toeram-pamonoana omby haorina ao Tsiroanomandidy. H o afa-pahasahiranana tokoa ireto mpikambana satria dia eo ihany ny omby maloto (kadradraka) dia ho lafo ary hivadika hena. Manahy ny tantsaha eo amin'ny vola halaina amin'ny puce, etsy andaniny, tsy maintsy hirongatra ny asan-dahalo satria dia hanana ny filany ny abattoir. Tsy misy ve politika hampitomboana ny taranak'omby Malagasy amin'ny fanatsaharana ny fanondranana hena.

***Serge***

## Ny Valosoa sy hadihady

# Fitantanam-pirenena
# Ny toky fitaka, fa ny atao no hita

Maro ireo fanapahan-kevitra noraisina tao anatin'ny tetibolam-panjakana nasiam-panitsiana 2019 izay nankatoavina teo anivon'ny Filankevitry ny Minisitra. Nambara fa mifandraika amin'ny fampanantenana nataon'ny Filohan'ny Repoblika izany. Ao anatin'izany ny filazana fa hoe natao hipaka amin'ny fiainam-bahoaka ny asa kendrena amin'izany, toy ny resaka fanamboaran-dalana. Tsy hisy handà izany angamba, fa ny teboka mipoitra ao an-tsain'ny mpanadihady dia ny hoe rahoviana ny hanatanterahana ny asa ? Efa hitam-poko hitam-pirenena, araka ny fitenenana, ny teny natao tamin'ny vahoaka Malagasy nandritra ny taona maro, izay zary toy ny vilian-tsahona ny ankamaroany malaza tsy hihinana fotsiny. Ary matetika ny vahoaka natao ho mpitan-damba sy tompony mangatak'atiny mandrakariva fa olombitsy no nitavandra ny asa sy nigoka ny vokany tamin'izany tamin'ireo volabe azony. Hanantena inona ny vahoaka ? Ilay vahoaka sasa-niandry ny filazana hatrany ataon'ny fitondrana fa hoe hanao izay fampandrosoana ity firenena ity. Impiry diso fanantenana izy nandritra ny taona maro izay ? Efa nanamboatra saina izy tato anatin'ny taona vitsivitsy farany izao, ary tsy mino intsony teny fampanantenana volana an-tenda ataon'ny mpitondra mpanao politika. Ho an'ny vahoaka, « ny toky fitaka, fa ny atao no hita », ny « asa vita no ifampitsarana", "vavolombelon'ny mpiasa ny bainga". Toy ny hoe, tsy hiandry ela, fa rahampitso dia rahampitso dia hiova ny fiainam-bahoaka ny filazana amin'ny fanapahan-kevitra momba ny tetibolam-panjakana, na ihany koa ny volabe azo avy amin'ny Banky iraisam-pirenena, na ireo mpamatsy vola samihafa. Efa mahalala anefa ny maro, fa mbola hiandry ela vao mety hisy hipaka any amin'ny fiainany raha hisy ny asa ataon'ny fitondrana toy izao. Iaraha-mahita eo…

***Sôh'son***

RAHARAHAM-PIRENENA

# Mpandrebireby vahoaka ny fitondrana Rajoelina




*Io ankavia io ilay angindimby tokony ho entina miady amin'ny dahalo fa tsy ilay nomen'i Rajoelina.*

Efa nambara teto amin' ity gazety ity fa mpamahan-dalitra vahoaka ny fitondrana Rajoelina, tsapa koa izao fa tena mpandrebireby vahoaka mihitsy ny fitondran'ity filoha mpanongam-panjakana teo aloha ity. Tsy fandriampahalemana : nolazaina fa hividy angidimby sy fiaramanidina ho enti- miady amin'ireo malaso, nefa dia tsy izay no nafarana ankoatra ny tsy fangaraharana nividianana azy, vola avy aiza sy ahoana ny pitsopitsony rehetra tamin'ny tsenan'asam-panjakana mahakasika izany. Nodradraina mafy ny fampiakarana ny karama ho 200 000 Ar niaraka tamin'ny GEM, SIM, FIVMPAMA, GEFP, SEKRIMA, FISEMARE, FISEMA, SEREMA, CTM ny 30 aprily lasa teo, karama farany ambany izay 168.000 Ar teo aloha dia ho lasa 200.000 Ar, 19% no fiarakarany. Nanipika anefa ireto vondron'ny mpandraharaha izay nisolotena azy Ramatoa Noro Andriamamonjiisoa (GEM), fa mbola miandry izy ireo ny amin'ny fanadihadihana samihafa aloha sy arakaraky zava-misy eo amin'ny orinasa. Niakatra ho 169 ora isam-bolana ny ora fiasana raha toa ka 160 ora izany teo aloha. Rehefa fakafakaina anefa dia ny eo ihany no eo satria io fiakarana lazaina io, dia ilay tambin-karama amboniny no nampidirina ao anaty vatan-karama. Etsy andaniny hisy fiantraikany ratsy eo amin'ny toekarem-pirenena izany satria ny orinasa no hibaby ireo tataon-ketra isan-karazany izay mianjady amin'izy ireo, voatery izy ireo hanao ny fandroahana ny mpiasa ao aminy, mba hisian'ny fitsitsiana eo amin'ny sehatra ivelaran'ny orinasa, manginy fotsiny ny tsy fisian'ny aro riaka eo amin'ny fampiasambola eto amintsika sy ny fanomezana vahana ireo orinasa avy any ivelany hisehatra eto amin'ny tsena anatiny. Ny tolotra sy ny tinady anefa tsy nahandry izany fa dia vao naheno fampiakarana, avy hatrany, niakatra ny vidin-javatra eny an-tsena toy ny filan'ny mponina amin'ny fiainana andavanandro. Tsy misy izay tsy miakatra, avo 3 heny ny fahefa-mividin'ny Malagasy ny fiakarana ary hiteraka fihenan-danjan'ny toekarena eto an-toerana izany, na ny "inflation". Fanamboarana ny Rova eny Manjakamiadana : nisy ny fanambarana ofisialy teny an-toerana fa ho amboarina indray ny Rova ny 11 aprily lasa teo, ary nolazaina tamin'izany fa ho vitaina amin'ny fankalazana ny faha 60 taonan'ny fahaleovantena ny hanamboarana azy. Tena laharam-pahamehana ve ny hanaovana izany ? Tamin'ny fotoan'androny ny Filoha Marc Ravalomanana no voalohany nanarina azy dia nolazain'ny sasany indray ankehitriny fa izy ireo no tompon-kevitra amin'ny famitana ny asa. Efa vitan'ny Filoha Marc Ravalomanana hatramin'ny 80% ankehitriny io Rova io, nefa tsy nasian-dRajoelina resaka akory izany. Tsy zovina moa no izy ireo amin'ny fisandohana tahaka izany satria isalorany ataony ho "Velirano" avokoa ny asa vitan'ireo fitondrana nisy teo aloha rehetra. Santionany ihany ireo voalaza ireo fa fandrebirebena ny saimbahoaka no misy, laza masaka avokoa fa ny atao tsy hita beny ihany ohatrar' ireo vary mora lazaina fa ho zaraina amin'ny vahoaka, kinanjo tsy hita an-javony izany fa lasa atao fitaovana politika ho an'ireo mpilatsaka ho fidiana ho solombavambahoaka izay TGV ihany no afaka mizara izany ho an'ny vahoaka. Fametsifetsena no manjaka ankehitriny, ka mila mailo hatrany isika manoloana ireo tsindry ataon'ireo mpitondra ankehitriny.

***Ny Valosoa***


PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Fahafahana R**


## NY TENY FIAINANA




***Isaia 33:5***

*Manerinerina Jehovah, fa mitoetra any amin'ny avo Izy; nofenoiny rariny sy fahamarinana Ziona.*

Kaominina Ivato

# Namelabelatra ny dingana haha-mpanao gazety sy ny asan'ny ben'ny tanàna

Araka ny toromariky ny Ben'ny tanànan'Ivato distrikan'Ambohidratrimo, Penjy Randrianarisoa, dia ny Ben'ny tanàna lefitra voalohany, Manitra Andrianjakarivony no namelabelatra ny lohahevitra "Ny dingana arahana haha-mpanao gazety sy ny asan'ny Ben'ny tanàna ", tao amin'ny Tranompokonolona Ankadindravola. Nahaliana ireo tanora mpianatra avy ao amin'ny Lycée Privé FJKM Fanovozantsoa ny kaonferansa nifanakalozana, sy ny torolalana samihafa. Ity sekoly ity no nanomana ny hetsika niarahana tamin'ny fikambanana "Trano Tantely", sy ny mpiara-miombon'antoka samihafa. Nisongadina tamin'izany fa matoa ny tanàna mandroso dia eo ny fijoroana amin'ny marina sy ny mahitsy, ny finiavana sy ny fahavononan'ny Ben'ny tanàna sy ny mponina hampamirapiratra an'Ivato. Mila iadiana koa ny fahalovana n any kolikoly sy ny fahantrana ara-tsaina ary ilaina ny firaisankina sy fisokafana raha te handroso lavidavitra kokoa. Notolorana hevitra ny tanora hanana saina tia karokaroka sy hazoto hianatra sy handalina eo amin'ny lafiny rehetra. Taorian'ny adihevitra dia nitohy hatreny an-tokontany ny fifanakalozana tamin'ny tanoran'Ivato liam-pivoarana.

***Isambilo***



*Ny fifanakalozan-kevitra teny Ankadindravola Ivato.*

## TONONKALO

### Ireo mpitondra ankehitriny

Tsy hay fefena , tsy hay tohaina , miakatra ny vidim-piainana.
Tena kivy ny vahoaka , tsisy azony itarainana.
Lasa izay ny "zato andro", tapitra ny efa-bolana ,
Saingy tsy manarangarana izay mba tena vahaolana.

`Ndreo mpitondra misavoana sady mihazakaza-dava,
No henonao mitety tany , be kabary sy avo vava,
Saingy tsisy fampiharana fa dia resaka manidina.
Fari-piainan`ny vahoaka , tsy mitsahatra ny midina .

Fitondrana firenena , lasa toa kinarinarina.
Laingalainga no manjaka fa tsy misy zava-marina.
Manatsara tena ivelany , izay no tena mahamaika,
Fa tsy misy fitantanana , matotra sy maty paika.

… Hata-dava no ataon`ireo mpitondra ankehitriny.
(Toa tsy leon`ny fangejana izay ataon`ireo vahiny !)
Ny mangataka no hainy sy hany tokana nianarany,
Ka raha `zao no mbola hitohy dia ho any an-kady i Gasikarany !

***DADAN`i ZINA (16-05-19)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Nifampitafa tamin'ny vahoaka ny kandida Feno sy Bodo ao amin'ny Boriborintany Voalohany.









Nanao fizaham-pahasalamana teny Analamahitsy, Boriborintany faha-5, ny kandidà Fetra sy Naina, N°4.









# Jehovah, Madagasikara Hafatra manokana lah.40, 14 mey 2019

**Fanambarako Jehovah Mpanjaka tamin'ny alalan'ny mpaminany androany 14 mey 2019 ho ren-tany ren-danitra fa tsy maintsy tanteraka. Manginà hianareo zanak'olombelona ka mihainoa fa antomotra ny zavatra rehetra.**

Ry mpanompoko, ry zanako ambany masoandro rehetra tsy an-kanavaka, tsy an-kifidy, henoinareo izay ambarako Jehovah Mpanjaka aminareo. Hoy ny Teniko hatramin'ny andron'i Jaona dia rombahana ny Fanjakan'ny Lanitra, ***Matio 11: 12*** *"Ary hatramin'ny andron'i Jaona Mpanao-batisa ka mandraka ankehitriny ny fanjakan'ny lanitra dia rombahina, ary ny mpandrombaka maka azy an-kenny."* Efa tonga ve? Efa iainanareo ve? Efa mihatra amin'ny zanak'olombelona ve? Fa i Jaona dia niantso mafy avy any an'efitra ka nitety sisin-tany sy ny faritany rehetra mba samy handre ny sofin'ny olona, samy mihaino ny manam-pofon'aina, samy hangina ny vazan-tany. Ry mponin'ny tany ô! antomotra sy akaiky ny fahatongavan'izany TENY FIKASANA izany eo aminareo olombelona. Ho tonga anie ny Fanjakako, hatao anie ny sitrapon'i Jesosy. Arakaraka ny fikorontanan'izao tontolo izao no manafaingana ny fahatanterahan'izany rehetra izany. **Raha misy fitondrana tsy mampiasa lalàna, didy, fitsipika dia miady an-trano sady mora rava, tsy maharitra. Hainareo olombelona ny miteny hoe mivavaka hianareo, mifady hianareo, manompo hianareo fa tsy fantatrareo ny Fahamarinan'izany rehetra izany**. Noho izany tonga AHO JEHOVAH MPANJAKA miaraka amin'ny Fanjakako fa izany no Tanjoko. Tonga AHO JEHOVAH MPANJAKA miaraka amin'ny Fahefako. Tonga AHO JEHOVAH MPANJAKA haneho ny HERIKO amin'ny maha MPANJAKA AHY. Iza no hahatohitra? Iza no hahasakana? Fa tahaka ny namoronako izao tontolo izao no hamerenako amin'ny laoniny an'izao tontolo izao. Mijaly hianareo, ory hianareo, mitomany hianareo, mitady famonjena hianareo, mitady fanavotana sy fanafahana hianareo. Aty AMIKO no misy izany rehetra izany. Hametraka ny Fanjakako ambany masoandro AHO dia FANJAKAM-PISORONA ho FIRENENA MASINA. Izany hoe FISORONANA = MIANKOHOKA AMIKO NY OLONA, MIVAVAKA AMIKO. FIRENENA MASINA= MASINA, LEHIBE. Mpanjaka no Mpanjaka ao, avy aty ambony no nampidinina ambany. JESOSY no ANARANY, ***Matio 1: 21*** *"ka hiteraka Zazalahy izy, ary ny anarany hataonao hoe Jesosy"; fa Izy no hamonjy ny olony ho afaka amin'ny fahotany. ["Jesosy = Jehovah Mpanjaka no Mpamonjy]."* Sady mbola hitsara ny velona sy ny maty amin'ny fotoan'andro ka aoka hatahotra hianareo manomboka izao fa ho ambony ambany ambany ambony izao tontolo izao ka ho very hevitra ka tsy **misy Mpamonjy afa-tsy IZAHO**, ***Isaia 43: 11*** *"Izaho dia Izaho ihany no Jehovah Mpanjaka. Ary tsy misy Mpamonjy afa-tsy Izaho."* ***Isaia 49: 26b*** *"dia ho fantatry ny nofo rehetra fa Izaho Jehovah Mpanjaka no Mpamonjy anao, ary Ilay Maherin'i Jakoba no Mpanavotra anao."* Raha vao hitanareo miatomboka ny ady an-trano, ny fampiharana ny lalàn'ny tany, ny tsy fifaneken'ny firenena, ny fialana sy fandosirana any an-tany hafa, ny fifanenjehan'ny samy fivavahana sy ny maha-olona, ny fidinan'ny harin-karena, ny fibodoan'ny hafa izay tsy azy na izay tsy taniny, ny fisaraham- bazan'ny firenena samy firenena, ary ny tsy fifankatoavan'ny samy olombelona, indrindra moa fa ny fanavakavahambolon-koditra sy ny fifanilikilihana samy olona, ny fanovana ny lalàna miteraka loza sy fahaverezana sns... Tandremo ry olombelona ô! fa tahaka izao anie ny zava-nisy teo aloha nahatonga AHY JEHOVAH MPANJAKA tsy maintsy niditra an-tsehatra ka tonga ity ny fotoana hidirako an-tsehatra amin'ny fombako, amin'ny Teniko dia indray mipi-maso fotsiny no anovako izay tiako hovana, izay tiako hamboarina, izay tiako hatao, izay tiako havaozina, izay tiako ho soloina, izay tiako hatsangana, izay tiako haverina dia ny masonao no hahita izany, ny fonao no hangorakoraka ny amin'izany, ny sainao dia ho valalanina, ny sofinao dia hangitsingitsina fa inona ity, avy aiza izao zavatra atrehantsika izao? Jereo ny zava-mahagagan'ny olona tamin'ny fotoan'andro nanaovako izany, ohatra : Noa sy ny safondrano ***Genesisy 7: 11-12***; Tilikambon'ny Babela, ***Genesisy 11: 9***; Ny ranomasina mena, ***Eksodosy 14: 21-22***; ny tany nisokatra, ***Nomery 16: 24***, Daniela sy ny liona, ***Daniela 6: 23***, Jesosy sy ny sambokely ***Matio 14: 31***, Jesosy niakatra velona sy mbola ho avy, ***Asan'ny Apostoly 1: 9- 10***. Mbola ho avy koa, izany hoe **HIVERINA indray JESOSY**, tena marina izany ry zanak'olombelona. Mbola hisy koa izany hoe **HO AVY indray Izy** mba mamantatra izany ve hianareo sa variana amin-javatra hafa? Kolokoloy.

Ry mpanompoko ô! lazao ny marina, ampianaro ny Fahamarinan'ny Teniko ny olona, aza misy afenina na litera iray aza. Tandremo sao tsy voambara, tandremo koa ny miavonavona fa tsy misy olona ho afaka amin'ny fitsarako na dia iray aza ambany masoandro, ***Asan'ny Apostoly 10: 42*** *"Ary Izy nandidy anay hitory amin'ny olona ka hanambara fa Izy no voatendrin'i Jehovah Mpanjaka ho Mpitsara ny velona sy ny maty"* ***Mpitoriteny 12: 13-14*** *"Ary rehefa re izany rehetra izany, dia izao no faran'ny teny: Jehovah Mpanjaka no atahory, ary ny didiny no tandremo, fa izany no tokony hataon'ny olona rehetra. Fa ny atao rehetra dia ho entin'i Jehovah Mpanjaka ho amin'ny fitsarana ny zava-miafina rehetra, na soa na ratsy."* . Iza ianao? Inona no fantatrao? Efa miomana va ny fanahinao? Antomotra ny zavatra rehetra! Azo ialana ny fahotana rehefa mibebaka hianareo ary azo iainana ny Fahamarinana rehefa fantatrao izany. Amen!

Mbola hitohy.

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

Telephone : ***033 12 461 43***

E-mail: jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## VAKINANKARATRA

# Nankalazaina ny iray volan'ny fiahiana ara-tsosialy

« Hiara-hientana isika hanome fiahiana ara-tsosialy ho an'ny rehetra». Niompana tamin'io lohahevitra io ny fanamarihana ny andro manerantany ho an'ny fianakaviana sy ny fampahafantarana ny iray volan'ny fiahiana ara-tsosialy ho an'ny Faritra Vakinankaratra izay natao afak'omaly, tao amin'ny Tranompokonolona Antsirabe ny lanonana fankalazana izany, izay teo ambany fiahian'ny Talem-paritry ny mponina, ny fiahiana ara-tsosialy sy ny fampivoarana ny vehivavy, Ramatoa Rabarijaona Antsa Narindra, natrehin'ireo manam-pahefana avy eto an-toerana notarihin'ny Ramatoa Prefet, ny lehiben'ny Faritra mpisolo toerana sy ireo manam-pahefana sivily sy miaramila avy eto an-toerana. Hafatra hoentina hanairana ny rehetra fa mbola misy fanontaniana tsy ahitambaliny mihodina eo anivon'ny fianakaviana. Izany no antony hanamarihana ny andro manerantany ho an'ny fianakaviana. Ho an'ny iray volan'ny fiahiana ara-tsosialy dia maro ny hetsika atao mandritran'ny volana mey natomboka tamin'io fotoana io izany hetsika izany tamin'ny alalan'ny tolotra maro isan-karazany. Isan'ny tolotra nositrahan'ny rehetra tao ny fitiliana ny VIH Sida, ny fitiliana ny cancer 'ny nono sy ny vozon'ny tranon-jaza, ny tolotra avy amin'ny CNAPS, sy ireo firaisamonim-pirenena misehatra ao anatin'ny fiahiana ara-tsosialy. Nandritra izao lanonana izao no nampahafantarana ny politikam-panjakana amin'ny fiahiana ara-tsosialy dia ny fampihenana hatramin'ny antsasany ireo tra-pahasahiranana lalina atao anatin'ny 5 taona. Nampahafantarina teto avokoa ireo tetikasa maro izay efa manomboka mandeha hoentina manalefaka ny fahorian'ny vahoaka. Ny talem-paritry ny mponina Rabarijaona Antsa Narindra no nitondra ny fanazavana tamin'ny antsipirihany tamin'ny olona nanatrika teto. Ny Lehiben'ny Faritra Vakinankaratra, nandritra ny fandraisam-pitenenana nataony dia nankasitraka ny hetsika nokarakarain'ny foibem-paritry ny mponina, ny fiahiana ara-tsosialy ary ny fampiroboroboana ny vehivavy izao. Nahazo ny anjara fanohanana ireo fikambanam-behivavy mivondrona ao amin'ny 3A satria dia nahazo koveta sy seau avy amin'ny malala-tanana izy ireo dia tsy iza izany fa ny filohan'ny Antenimieran'ny Varotra eto Antsirabe, teo ihany koa ny tolotra avy amin'ny Ministeran'ny mponina sy ny tsy miankina nanome koveta sy seau ary tafo fanitso ho an'ny toby Seecaline any Betafo.

***Solohery***

# Sakafo Ny Valosoa



**Gana ritra indray no laokantsika amin'izao faran'** ny herinandro izao. Misy ny hamidy velona izy ireny, nefa misy koa ny amidy efa maty amin'ny kilao. Hafangaro aminy: voatabia, tongolo, ary thym sy sira. Tsara raha hasiana ro matsatso anana sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fomba fanalana hodi-potsy

Fomba fanalana hodi-potsy indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Fanalana hodipotsy sy tapano (pityriasis versicolor) no atolotra anao androany:

-Vinaigre de cidre (na vinaigre blanc koa mety), sy Siramamy

*vinaigre 2 sotro fihinana + siramamy 1 sotro fihinana,

*afangaro tsara dia ahosotra amin'ny faritra misy hodi-potsy

*avela 30 min,

*kobanina amin'ny rano matimaty,

*atao in-3 isanandro mandrapahafaka ny hodi-potsy.

-Huile coco pure:

*Hosorana huile coco ny faritra misy hodipotsy,

*avela 20 min,

*kobanina amin'ny rano matimaty,

*atao in-3 isanandro mandrapaha afaka ny hodi-potsy.

-Vahona:

*Tapahana ny ravina vahona anankiray,

*Ahosotra amin'ny faritra misy hodi-potsy ilay rano madity ao anatiny mandritra ny 30min,

*atao in-2 isanandro mandrapaha afaka.

4)Yaourt nature

*ahosotra amin'ny faritra misy hodi-potsy ny yaourt nature

*avela 30 min,

*kobanina amin'ny rano matimaty.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

# Ny tanànan'i Fandriana any amin'ny faritra Amoron'i Mania

Ny tanànan'i Fandriana any amin'ny faritra Amoron'i Mania indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina an-drenivohitra ity tanàna ity. 41 km miala an'Ambositra no misy azy, amin'ny lalampirenena faha-41, avy amin'ny lalampirenena faha-7. Somary avo toerana ihany Fandriana satria 1400 m eo ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Mampalaza an'i Fandriana, saika olona mahay avokoa ny olona avy any. Mampalaza azy koa ny toaka gasy, misy toaka gasy avokoa ireo mpivarotra madinidika any amin'ity tanàna ity, mampalaza azy ny toaka gasy ambodivoara.



RF2 67 HA AVARATRA ATSINANANA

## Nahazo fitaovana avy amin'ny ONG Positive Planet

Notontosaina omaly teny amin'ny Biraon'ny fokontany 67 Ha Avaratra Atsinanana ny lanonana fizaran'ny ONG Positive Planet, fitaovana ho an'ireo komity mpitantana RF2, na ny Rafitra Fidiovana sy Fahadiovana, teny anivon'ity fokontany ity. Araka ny nambaran'ny solontena avy eo anivon'ny ONG Positive Planet dia tafiditra ao anatin'ny tetik'asa Fako Tana tanteraka izao fizarana fitaovana izao, mba ho fanomezana tantsoroka ireo RF2 amin'ny fanatanterahana ny asa fanadiovana izay ataon'izy ireo. Misy karazany 3 ireo fitaovana izay nozaraina tamin'izany dia ny fitaovana fiarovana ireo mpanadio tanàna toy ny baoty, aron'akanjo, tampim-bava, teo ihany koa ireo fitaovana izay tena ampiasaina amin'ny fanadiovana ny tanàna toy ny borety, angady, « fourches » ary ireo fitaovana izay ho entina manatanteraka ny asa fitantanana toy ny penina, « machine à calculer »,… Taorian'ny fizarana ny fitaovana dia nisy ny fanaovan-tsonia fifanaraham-piaraha-miasa teo amin'ny ONG Positive Planet sy ny fokontany ary ny RF2. Anisan'ny nahazo tombony manokana tamin'ity tetik'asa ity ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), nisy fokontany 30 teo no nisitraka izany manerana ny Boriboritany 6, ny 13 tamin'izany dia avy eo anivon'ny Boriboritany Voalohany avokoa. Omaly no namaranana ny fanolorana fitaovana ho an'ny fokontany tao amin'ny Boriboritany Voalohany.



*Ny fanolorana fitaovana ny RF2, tao amin'ny Boriboritany voalohany.*

**Helisoa**

Rano fisotro madio, fidiovana sy fanadiovana

## Kaomina miisa 33 no hahazo tombony any Vakinankaratra

Kaominina 08 ao anatin'ny Distrikan'Antsirabe faharoa no hahazo fisitrahana ny rano fisotro madio, fotodrafitrasa ho an'ny fidiovana sy fanadiovana eto ampanombohana ny tetikasa Rano Wash ary ho tonga hatramin'ny kaomina miisa 33 izany amin'ny taona 2022. Isan'ireo Faritra 6 hahazo tombontsoa amin'ny fanapariahana ny rano fisotro madio sy ny fidiovana sy fahadiovana ny Faritra Vakinankaratra ao anatin'ilay tetikasa rano Wash, izay vatsian'ny USAID, na ny sampandraharaha Amerikana misahana ny fampandrosoana iraisampirenena. Mitentina 30 tapitrisa dolara amerikana ho an'ny Faritra 06: Vatovavy Fitovinany, Atsinanana, Alaotra Mangoro, Amoron'i Mania, Haute Matsiatra ary Vakinankaratra. Tamin'ny taona 2017 dia mbola ny 19% ny mponina no misitraka rano fisotro madio ho an'ny Faritra Vakinankaratra dia 23% ny taha tanjon'ny Fanjakana anefa amin'ity taona 2019, ka 5 hetsy sy Iray tapitrisa no mponina hahazo ny rano fisotro madio. Ho fanatanterahana izany tanjon'ny fanjakana Malagasy izany dia handeha ny tetikasa Rano Wash ary maro ireo rantsamangaika hiara-hiasa ao anatin'ny tetikasa. Isan'ireny ny Care, ny Water Aid, ny CRS. Isam-paritra dia efa voafaritra ireo ONG hiasa hoy ny filohan'ny tetikasa Rano Wash, Alain Randriamaherisoa. Ny USAID no ho mpamatsy vola ary ho hentitra izy ireo amin'ny fanaraha-maso ny tetikasa , hisy ny fiarahamiasa matotra amin'ny rantsa-mangaikan'ireo ministera voakasika. Nisolotena ny USAID nandritra ity fotoana ity, Ramatoa Al Rashid Azzah (Représentante USAID). Ny Caritas amin'ny alalan'ny CRS « catholic Relief service » no hiasa eto amin'ny Faritra Vakinankaratra. Efa ho 08 taona ity farany no nisehatra teto amin'ny fidiovana sy fanadiovana ary efa maro ny vokatra azo tamin'izany, isan'izany ny fahafahan'ny tanàna maro amin'ny fiparitahan'ny tay ankalamanjana. Ho an'ity tetikasa ity dia Antanimandry, Antsoantany, Ambohimiarivo, Ambohidranandriana, Ambohitsimanova, Ambatomena, Soanindraniry ary Andranomanelatra, izay samy ao anatin'ny Distrikan' Antsirabe faharoa no hanombohana ny tetikasa. Ny tale miadidy ny Fampandrosoana ny Faritra, Rakotoarivelo Rivo Herindray, raha nandray fitenenana dia nisaotra ny mpamatsy vola sy ny tetikasa Rano wash. Ny famatsiana rano fisotro madio, fidiovana sy fanadiovana dia tsy mijanona fotsiny amin'ny sosialy ihany fa mahakasika toekarena ihany koa. Rehefa misitraka ny filàna amin'ny rano fisotro madio ny mponina dia salama ary afaka mandray anjara amin'ny fampandrosoana. Izany indrindra no manome hery ny faritra mankany amin'ny Fampandrosona. Natao tao amin'ny biraon'ny Commune Andranomanelatra ny fampahafantarana ity tetikasa Rano wash aty Vakinankaratra ity, natrehan'ireo manam-pahefana aty antoerana, ny DDR ny Faritra, ny Lehiben'ny Distrika Antsirabe faharoa, ireo Ben'ny tanàna mpahazo tombontsoa ary ireo solontenan'ny Mpamatsy vola.

**Lezama**

Fanehoan-kevitra sms : 034 09 187 88 ; 032 11 505 44 ; 033 24 783 65

SARIITATRA : IRD : Isíka Rehetra Míaraka amín-dRadomelína




Toamasina

## Voasambotry ny Polisin'ny FIP ireo mpivarotra sy mpidoroka «héroïne »

Tovolahy vao erotrerony miisa 05 mpitsindrona « héroïne » no saron'ny FIP Toamasina ny alakamisy teo. Nahitana diana tsindrona maro ny tanan'izy ireo. Vidina 80 000 Ar ny iray grama. Manao tsipaipaika izy ireo ividianana ilay zavamahadomelina mahery vaika, dia ifampizarana izay azo. Tratra tany koa ireo kojakoja nampiasain'izy ireo amin'ny fitsindronana an'ilay « héroïne » sy kojakoja sy ny tambavy fampidinana ny heriny raha sendra mamo loatra. Voasambotra ihany koa ny mpivady fividianan'izy ireo ity zava-mahadomelina mahery vaika « héroïne » ity. Sady mpivarotra no mpitsindrona ihany koa ilay rangahy. Olona maro mpampiasa io zavamahadomelina mahery vaika io no mbola karohina any Toamasina amin'izao fotoana izao.

**Ny Valosoa**




*Ireo mpivady mpivarotra heroine tratra tany Toamasina.*

Ambasadin'i Japon

## Hanatanteraka fifaninanana kabary amin'ny fiteny japone

Hanatanteraka fifaninanana kabary amin'ny fiteny japone andiany faha-28 indray ny ambasadin'i Japon eto amintsika. Fiofanana 2 herinandro any Japon no loka ho azon'ireo mendrika amin'izany fifaninanana izany. Mpikarakara ny fifaninanana ny Masoivohon'i Japon eto amintsika sy ny fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana, na ONG Sakura. Anio sabotsy 18 mey no hanatanterahana ny fifaninanana eny amin'ny Hotel Panorama Andrainarivo, tsy hisy ny vidim-pidirana. Ny fametrahana ny antontan-taratasy firotsahana hifaninana dia efa tapitra ny 3 mey lasa teo. Ny mpifaninana vao manomboka na debutant sy ny efa lasa lavitra, na avancé dia haterina eny amin'ny sekoly misy azy ny kabariny, ireo efa tany Japon kosa dia afaka manatitra ny kabariny mivantana eny amin'ny ambasadin'i Japon. Ny loha-hevitry ny fifaninana amin'ity taona ity dia ny hoe: fampitahana ny kolontsaina sy ny lamaody japone sy Malagasy, ny ho avin'i Madagasikara, na loha-hevitra hafa. 3 ka hatramin'ny 5 minitra ny kabary hataon'ny mpandray anjara.

**Aly**

Rija Ramanantoanina

## Hamarana ny fankalazana ny faha-30 taona niakarany an-tsehatra



Hamarana ny fankalazana ny faha-30 taona niakarany an-tsehatra ny mpanakanto, Rija Ramanantoanina. Ho famaranana izany tsingerin-taona izany, ny Canal 7 events, ny White Com dia manolotra seho tokana hiarahana amin'i Rija Ramanantoanina sy ireo mpitendry efa fanta-daza toa ny "Quator Squad",… ary ho haingon'ireo feo lafika maro be, ny alakamisy 30 mey 2019 ho avy izao, ao amin'ny Plaza Ampefiloha, hanomboka amin'ny 3 ora tolakandro. Marihana fa andro tsy fiasana io andron'ny 30 mey io. Fampisehoana hikaloiny ireo hira nahafantarana azy nandritra izay 30 taona lasa izay, ka mbola tsy afaka am-bavan'ny maro hatramin'izao. Ny tapakila dia efa azo jifaina ao amin'ny Canal 7 Ankorondrano sy eny amin'ny Plaza Ampefiloha.

**Aly**


COMMUNE URBAINE
D'ANTANANARIVO
Telma Coupe
de Madagascar
Edition 2019
Samedi 18 Mai 2019
à 14 heures au
STADE MUNICIPAL MAHAMASINA
DEMI-FINALE
USCAFOOT ANALAMANGA
VS
FOSA JUNIORS BOENY
TONGAVA MARO !!!